**Madagasikara :**

# TSY MAINTSY HAKATONA TANTERAKA NY TETIKASA BASE TOLIARA

Niteraka adi-hevitra maro teo amin’ny rehetra indray ny fanoherana ny tetikasa fitrandrahana fasimainty Base Toliara nandritra ny herinandro faran'ny volana aogositra. Ny tranga lehibe indrindra tamin’izany dia ny fisamborana an’i Solonarivo TSIAZONALY, mpiandraikitra ao amin’ny firaisamonim-pirenena (1) izay voatery nanao sonia taratasy fanomezan-toky talohan’ny namotsorana azy (2). Ny fikambanana TANY dia manasongadina ny fisian’ny fanitsakitsahana miharihary ny fahalalahana demokratika ary mampita zava-pantatra vaovao momba ny loza aterak’io tetikasa io.

Ny anton'ny fisamborana dia hoe “fihetsiketsehana tsy nahazoana alàlana sy fanakorontanana ny filaminam-bahoaka”. Araka ny vaovao azonay izay nohamafisin'ny fanambaran'ny vondron'ny mponina nanao fihetsiketsehana dia nisy ny fangatahana fahazoan-dàlana hanao fihetsiketsehana andro maromaro mialoha. Saingy ny hariva nialoha ny diabe ampilaminana rehefa tonga tao Toliara ny solontenan’ny fokonolona vao voaray ny fandavan’ny Préfet.

Ny 26 jona 2024 anefa dia tsy nahazo fandraràna avy amin’ny mpitandro filaminana ny fihetsiketsehana nitondra sorabaventy mitaky ny fanokafana ny tetikasa Base Toliara. Nahoana no nolavina ny fanomezan-dalana avy amin’ireo vondrom-piarahamonina manamorona ny tetikasa Base Toliara ireo ary nahoana no ny hariva be mialoha ny andro nokasaina vao nampitaina izany fandavana izany ? Ny andininy faha-6 ao amin’ny Lalàm-panorenana malagasy manankery anefa dia milaza fa “mitovy zo ny olon-drehetra ary misitraka fahalalahana fototra mitovy izay arovan’ny lalàna, tsy misy fanavakavahana ny lahy sy vavy, na araka ny fianarana vita, ny harena, ny fiaviana, ny finoana na ny fironankevitra ”.

Fanitsakitsahana mibaribary ny zon'olombelona ny fitakiana ny fanomezan-toky voasonia tamin’i Solonarivo TSIAZONALY, tsy hanao fitokonana intsony ho takalon'ny fahafahany rehefa voasambotra izy, nefa io Lalàm-panorenana io dia manipika ny "fanajana sy fiarovana ny fahalalahana sy zo fototra" ao amin'ny sasin-teny, raha mampahatsiahy ireo fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin’ny Fanjakana Malagasy, ary miantoka ny “zon’ny tsirairay sy ny fahalalahana fototra” ao amin’ny andininy faha-7 (3).

Ny fanakanana ny olom-pirenena tsy hanao hetsika am-pilaminana, ny fanerena ny sasany amin'izy ireo hanome toky an-tsoratra fa tsy hanohitra intsony ka hanaiky ny zava-drehetra, nefa tsy noraharahiana ny zony ary tandindomin-doza ny ainy, ny fampitahorana, ny fametahana fehi-vava ary ny fanakombonana ny vavan’ny vondrom-piaraha-monina, dia fomba fitandrovana ny fandriam-pahalemana ara-tsosialy izay takianay mafy ny hialàna aminy. Ireo fomba ireo izay somary mitombo ny fampiasàna azy dia mety hiteraka vokatra mifanohitra amin’ny kendren’ny mpitondra, rehefa dinihina akaiky ny tantaran’i Madagasikara.

Misy fanambaràna sy fanontaniana avy amin’ireo mpanao fihetsiketsehana tany Toliara tamin’ny 27 aogositra heno tamin’ny horonan-tsary taorian’ny nisamborana an’i Solonarivo TSIAZONALY mendrika hampahafantarina ny rehetra: **Tsy heloka bevava ny fiarovana ny zon’olombelona. Maninona no samborina ny mpiaro ny zon'olombelona nefa avela misitraka fahafahana ny mpangalatra sy jiolahy ?** Hiaro ny ain'izy ireo, ny fahasalamany, ny loharanon-karenany ary ny taranany no antony hanohizan’ireo mpanao fihetsiketsehana ireo ny tolona ataony, manoloana ny loza mitatao momba

ny fanafoanana ireo fananana ho enti-miaina kely dia kely eo am-pelatanany, na dia eo aza ny tsy firaharahiana, sy fanamavoana mihitsy aza, avy amin'ny mpanapa-kevitra sasany.

Tena marina sy mitombina ny finiavan'ireo vondrom-piarahamonina ireo haneho hevitra ary tokony hisitraka ny zony hanohitra ny tetikasa fitrandrahana izy, satria

* Efa navoakan'ny Cour des Comptes tamin'ny taona 2020 ny lisitry ny lafin-javatra tsy ara-dalàna sy tsy ara-drariny mikasika ny tetikasa Base Toliara. Tsy nangataka ny hampitsaharana ny tetikasa izy satria tsy anisan'ny andraikitr'ity andrim-panjakana ity ny manao izany (4).

* ny tany izay tena ilaina amin'ny fivelomana sy fototry ny fahafaha-miainan'ireo vondrom-piarahamonina ireo dia ho esorina aminy ho an'ny filàna sy tombom-barotry ny orinasa mpitrandraka harena ankibon'ny tany sy ny mpiara-miasa aminy eo an-toerana;

* Ny loza hateraky ny tetikasa Base Toliara sy ny loza mananontanona aterany eo amin'ny fahasalamana sy ny fiainan'ny mponina manodidina dia mbola nohamafisin'ny fanadihadiana mialoha mikasika ny ho fitrandrahana monazite tamin'ny Desambra 2023 navoakan'ny Base Resources. Raha toa ny fifampiraharahana amin'izao fotoana izao ka miafara amin'ny fanapahan-kevitry ny mpitondra malagasy hanome alàlana ny famerenana hiasa ny orinasa Base Toliara, ka anisan'izany ny famelàna ny monazite ho anisan'ireo harena an-kibon'ny tany ho trandrahana, dia « **mety hisy loza ateraky ny** "**radioactivité**"**-n'izy io ho an'ny mpiasa sy ny mponina**,(...) izay tokony ho tantanana araka ny tokony ho izy. (...) Ny monazite avy amin'ny tetikasa ao Toliara dia hosokajiana ho **entana mampidi-doza sokazy faha-7** (..) **noho ny haavon'ny akora radiôaktifa fonosiny** sy hitaky fikarakarana manokana ny fikirakiran'ny mpiasa sy ny fizarana azy » ary koa sambo voatokana «(ny fampiarahana aminy amin'ny entana hafa eny ambonin'ny sambo dia tsy azo atao)» (5).

Farany, ny Base Resources dia mitanisa ny **lafiny hetra** ao amin'ireo lohahevitra ifampiraharahana amin'ny fanjakana malagasy amin'izao fotoana izao (6). Ny votoatin'izy ireo angamba dia mahakasika ny teboka iray nambaran'ny fampahalalam-baovao nasionaly sasany : ny orinasa mpitrandraka Base Resources izay efa azo antsoina hoe Energy Fuels dia mangataka ny hahazo hisitraka ny lalàna momba ny fampiasam-bola lehibe momba ny harena ankibon'ny tany (Loi sur les grands investissements miniers - LGIM) lany tamin'ny taona 2005 (7), izay efa sitrahan'ny orinasa Ambatovy. Mba hahazoana an-tsaina bebe kokoa ny tombotsoa azon'ny orinasa amin'ity LGIM ity dia vakio fotsiny ny lisitra lavabe momba ny tombontsoa omena, ao anatin'izany ny hetra maro tsy haloan'ny orinasa mpitrandraka, ao amin'ny fizarana "Madagascar, l'île aux trésors", izany hoe « Madagasikara, ilay nosy feno harena » ao amin'ny tranokalan'ny Birao fampiroboroboana ny fampiasam-bola EDBM, Economic Development Board of Madagascar (8). Handoa vola tsy hay refesina sy hihamahantra izany ny mpiara-monina manodidina ny Tetikasa, hihena kokoa ny fidiram-bolan'ny fitambaran'ny Malagasy manontolo miohotra amin'ny tokony ho azony, mba hampitombo ny tombom-barotr'ireo orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany efa tena manan-karena, raha manapa-kevitra ny handohalika ny tompon'andraiki-panjakana ambony Malagasy, ka hanao laharam-pahamehana ny fampitomboana ny tombom-barotry ny mpampiasa vola na dia manimba ny zo sy ny tombontsoan'ny fokonolona aza izany, ary manaiky ny fiverenan'ny tetikasa Base Toliara hiasa.

**TSY MAINTSY ATSAHATRA TANTERAKA NY TETIKASA BASE TOLIARA !**

4 septambra 2024

**Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy** - **Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY**
patrimoine.malgache@yahoo.fr, http://terresmalgaches.info, facebook : TANYterresmalgaches, X : CollectifTany, Instagram : Collectif Tany

**Rakitra nanovozana hevitra :**

(1) https://craadoimada.com/stop-au-harcelement-des-defenseurs-des-droits-des-communautes-affectees-par-le-projet-minier-de-base-toliara-et-a-la-repression-des-manifestations-pacifiques/

(2) https://craadoimada.com/letat-malagasy-doit-garantir-les-droits-humains-et-la-souverainete-inalienable-du-peuple-malagasy-sur-le-patrimoine-national-et-cesser-les-represailles-systematiques-a-lencontre-des/

(3) Lalàm-panorenana nolaniana tamin'ny taona 2010 :
https://www.assemblee-nationale.mg/wp-content/uploads/2020/09/Constitution_VI%C3%A8me-R%C3%A9p_Madagascar.pdf

(4) https://ccomptes.mg/fr/rapports/publics

(5) Toliara Monazite Project Pre-Feasibility Study, 14 December 2023.
https://mb.cision.com/Public/22548/3893356/89a168c3d231921e.pdf

(6) https://www.energyfuels.com/2024-05-03-Energy-Fuels-Announces-Q1-2024-Results,-Including-Continued-Net-Income,-Continued-Successful-Uranium-Ramp-Up,-Commissioning-Rare-Earth-Oxides-Production,-and-Steps-to-Secure-World-Scale-Sources-of-Heavy-Mineral-Sands-and-Monazite

(7) https://2424.mg/secteur-extractif-base-toliara-aspire-a-son-eligibilite-a-la-loi-sur-les-grands-investissements-miniers/?utm_source=rss&utm_medium=rss&utm_campaign=secteur-extractif-base-toliara-aspire-a-son-eligibilite-a-la-loi-sur-les-grands-investissements-miniers

(8) https://edbm.mg/informations-economiques_secteurs_mines-madagascar-l-ile-aux-tresors/